

# FIZIANTSIKA

Torolalana momba ny aromarika sy fanehoana maha-tily

# Brand book

Edisiona 2023

# FIZIANTSIKA

Torolalana momba ny aromarika
sy fanehoana maha-tily



# BRAND BOOK

EDISIONA 2023

# Fizahan-takila

**Soatoavina iombonantsika** **10**

**Ny mariky ny skoto maneran-tany (fleur de lys)** **11**

**Ny mariky ny Tily eto Madagasikara (Ravinala)** **13**

Hevitry ny marika Ravinala 14

Fampiasana sy fady rehefa mampiasa ny marika 15

Fampiasana ny Ravinala 16

**Ireo loko ampiasaintsika** **18**

Loko ankapobeny 18

Loko telo no ho tena fampiasantsika : fotsy, volomparasy, manga. 18

Lokon'ny sampana 18

Endri-tsoratra fampiasa **19**

**Iza no afaka mampiasa ny marika ?** **22**

**Ny fanamiana** **23**

**Ny fehitenda** **24**

Ny nihavian'ny fehitenda skoto 25
Ny fomba fitafy ny fehitenda ho an'ny tily 26
Ireo karazana fehitenda fampiasan'ny Tily eto Madagasikara 28
Ny fehitendam-pivondronana 28
Ny fehitenda Menafify 29
Ny fehitendan'ny toniam-pivondronana 29
Ny fehitenda tantsoroka 30
Ny fehitendan'ny Ekipa faritany 31
Ny fehitendan'ny Ekipa Nasionaly 31
Ny fehitendan'ny rafitra mpitantana (KOPA, KL) 32
Ny fehitendan'ny rafitra mpanohana (FMT2S) 33
Ireo fehitenda manokana iraisam-pirenena 33

Ireo marika andraikitra (Barety) **36**
Marika andraikitra fanabeazana 37
Marika andraikitra departemanta 38

# Inona ity boky ity ?

Hatramin'ny nanagasiana sy nahazoan'ny Tily eto Madagasikara ny fahaleovantenany ny taona 1957 dia ny marika Ravinala no marika tokana, nampiavaka sy nampiray ny skoto Tily rehetra manerana ny Nosy sy ny any ampitan-dranomasina.

Amin'ny ankapobeny dia tsy niova io marika ampiasaintsika io hatramin'ny nahazoana azy, tsy niova koa ny ankamaroan'ireo singa maha-skoto Tily eto Madagasikara antsika.

Andaniny, mbola maro anefa no sahirana maneho ireo singa sy marika ireo araka ny maha-mendrika azy sy araka ny tokony ho izy. Mbola sarotsarotra hita rahateo ny tahirin-kevitra tena nandrakitra an-tsoratra azy ireny, isan'izany ny boky Antsaha tamin'ny nanolorana azy voalohany indrindra (1955).

Ankilany, mivoatra ny skotisma ary mivelatra hifanaraka amin'ny maha-hetsi-panabeazana tanora azy, ary isan'ny singa entina hahatomombana ny fanabeazana skoto imatimatesantsika ny fampiasana ireny marika sy endrika fampiainana (cadre symbolique) ireny.

Kihon-dalana lehibe tamin'izany ny nanapahan'ny Fihaonan'ny Filoha tao amin'ny FOFIKRI Ilafy tamin'ny taona 2018, ny tokony hampidirana ny lokon'ny sampana Menafify ho ao anatin'io marika io satria tany am-piandohana dia ireo Sampana telo (mavo, maitso, mena) ihany no tao. Noezahina hampifanarahana amin'ny toetrandro koa ny endrika fampiasana azy mba ho hita taratra ilay maha-hetsi-panabeazana tanora lalandava. Ankehitriny dia efa voaaro eny anivon'ny OMAPI (lah. 23908) io marikantsika io, ahafahana mitrandraka azy feno ho fampiroboroboana ny fanabeazana.

Zava-dehibe loatra araka izany ny nandraketana an-tsoratra ireo singa maha-izy azy antsika ireo, entina miatrika ny faha-100 taona sy ireo taona ho avy manaraka, araka ny efa fangatahan'ny FIFITI nanomboka tamin'ny taona 2015.

Atolotra an'ise ary ity bokikely ity, nanangonana sy nampivondronana tahirin-kevitra sy lovan-tsofina maro, mba hanampy an'ise haneho araka ny tokony ho izy ny skotisma tily.

# Soatoavina iombonantsika

[1] [2]

Vavolombelon'i Jesoa Kristy

Olom-pirenena vanona

Andrin'ny fianakaviana

Servir Dieu et le roi (ou Dieu et mon pays)

*Hanompo an'Andriamanitra sy ny firenena*

Aider mon prochain à tout moment

*Hanampy ny namako amin'ny fotoana rehetra*

Obéir à la Loi scoute

*Hanoa ny lalàna skoto*

---

[1] *Araka ny Fitsipika fototra Mpanazava sy Tily eto Madagasikara, andniny faha-10, edisiona 2018*

[2] *Araka ny Lalàm-panorenan'ny Fianakaviamben'ny skotisma manerantany (OMMS), andininy faha-2, edisiona 2021. [https://bit.ly/OMMS2021](https://bit.ly/OMMS2021) (Dikateny malalaka)*

> Mety ho toy ny tsy misy dikany ny fianjaika sy ny maha-ara-dalàna ny pitsopitsony kely rehetra amin'ny fanamiana, nefa tena misy lanjany be amin'ny **fivelarana amin'ny maha-ise** an'ise ireny ; sady tena misy dikany be dia be amin'ny fijerin'ny olona ivelany ny fikambanantsika satria izay hitan'ny masony no hitsarany antsika.

**Baden Powell, Aids to Scoutmastership (1920) p.26**

# Ny mariky ny skoto maneran-tany - fleur de lys

## Marika iombonan'ny skoto rehetra ao anatin'ny OMMS

Faneva (Emblème)

Logo

Misy karazany roa ny famantarana ny skotisma iraisam-pirenena :


1. **Ny *fleur de lys* no faneva (emblème)**, mipetraka eny amin'ny fanamian'ireo skoto rehetra ara-dalàna. (Azo hamarinina ato ny lisitr'ireo tena fikambanana skoto isaky ny firenena : scout.org/nso )
2. **Ny logo ahitana ny faneva (*fleur de lys*), soratra hoe « SCOUTS » ary ny vina**.

*Hamantatra misimisy kokoa momba ny mariky ny skotisma maneran-tany. Tsindrio eto na midira ao amin'ny https://bit.ly/SCOUTSbrand*

# Hevitry ny “fleur de lys”

Ny logo dia fitambaran'ny embleme sy ny anarana "SCOUTS" ary ny antom-pisiantsika "Hanorina tontolo tsara kokoa" Ary misy ilay soratra ® satria marika voaaro amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

Marihina fa mijanona ho "SCOUTS" foana no fanoratra rehefa amin'ny logo na inona na inona tenim-pirenena satria anaran-tsamirery (toy ny hoe Samsung na Coca-cola). Fa rehefa anaty fehezan-teny sy ampiasaina ho anarana iombonana kosa dia azo adika teny malagasy (skoto)



**Ravin'ny fleur de lys(3) :** Adidy amin'Andriamanitra, Adidy amin'ny Firenena, Adidy amin'ny tena

**Tendron'nykintana (10) :** Lalàna 10

**Fleyr de lys, fanjaitra :** fanondroavaratra

**Tady misy vona fisaka :** firahalahiana maneran-tany

**Loko volomparasy :** fahendrena, fahamendrehana, andraikitra sy haja

# Ny mariky ny Tily eto Madagasikara - Ravinala

## Marika iombonan'ny Tily rehetra

**positif - fond clair**

**positif - fond sombre**

monochrome - fond sombre

monochrome - fond clair

Ny taona 1955, no nanomboka nampiasa ny marika Ravinala ny Tily eto Madagasikara. Niaraka tamin'ny nahazoana ny fahaleovan-tena tamin'ny skotisma frantsay sy ny nanagasiana ny skotisma teto Madagasikara io fotoana io. Martin RAZAFINDRAKOTO, géographe ary diakona tao amin'ny Tranovato Faravohitra, no namorona azy.[3]


*Ravinala tao anaty boky Antsaha 1955*




---

[3]RAJOELISOLO Lequerre. Ny Skotisma sy ny Tily eto Madagasikara. 1994.

# Hevitry ny marika Ravinala




**Boribory** = ampinga

**Croix florencée** = “Tily mivavaka”

**Ravinala** = Madagasikara firenentsika.

Raviny atao tafo fialofana, atao vilia fihinanana

Tahony atao tsikala, vatany mitahiry rano ho an'ny mpandeha

**Miisa folo (10) ny ravin'ny ravinala** ho fanehoana ireo Lalàna folon'ny Tily.

**Loko sampana :**

- Vony (mavo)
- Maitso
- Mena
- Menafify

**Fivoaran'ny loko :** avy ato anatiny (mavo) miha-mipariaka

**Fanamarihana :** Ampiasaina manontolo araka izao endriny izao ny marika Ravinala fa tsy tokony ana-mpiana na anesorana na ampiasaina mitokana ireo singa ireo.

# Ny fanao sy ny fady rehefa mampiasa ny marika



Tsy tapahana na anesorana

Tsy abontsina na afisaka

Tsy atao mitongilana na mihodina

Tsy soloina ny loko, na endri-tsoratra ao anatiny

# Fampiasa ny Ravinala

Fotoana tsotra

Raha mbola azo atao, dia ezahina hampiasaina miaraka amin'ny logo SCOUTS feno. Indrindra raha ho ampiasaina amin'ny sehatra iseraserana amin'ny olona tsy skoto (afisy, haino aman-jery, ...).

Mandritra ny faha-100 taona

Fanamarihana : mandritra ny fe-potoana fankalazana ny faha-100 taona dia ny mariky ny faha-100 taona no ampiasaina.

Rehefa miaraka MTEM dia "bandeau" toy ity no ampiasaina (hajaina ny filaharany) : AMGE-MEM-FMT2S-TILY-OMMS ; manaraka ny filaharany amin'ny fanamiana ho an'ny Mpanazava (AMGE-MEM) sy ho an'ny Tily (TEM-OMMS)

Rehefa miaraka amin'ny ASN hafa (Antilin'i Madagasikara sy/na Kiadin'i Madagasikara) dia ny mariky ny FSM-ZL (logo "SCOUTS Madagascar") no ampiasaina, araka ny notapahin'ny AG FSM-ZL teny amin'ny FOFIKRI Ilafy, mai 2022

Ireo endriny fotsy sy mainty dia voafetra ny hampiasana azy.
Ohatra : rehefa tsy afaka mampiasa loko maro, na amin'ny tokontanin-tsary kely mifangarika (contraste) loatra.
Ny marika amin'ny endriny tokotany mainty sy soratra fotsy dia fampiasa koa ho mariky ny fisaonana.

## Rehefa miaraka amin'ny marika hafa




Rehefa milahatra miaraka amin'ny "logos" hafa, dia ny hahavon'ny Ravinala no hampitoviana refy. Ny elanelana fara-fahakeliny manodidina dia tokony hitovy amin'ny sakan'ny "lakroa" ao amin'ny ravinala (jereo ny sary fanehoana eto ambany)



# Ireo loko ampiasaintsika

## Loko ankapobeny

| | | |
|---|---|---|
| 60% | 20% | 20% |

| | | |
|---|---|---|
| | #FFFFFF<br>R=255 G=255 B=255 | Fotsy |
| | #0041a0<br>R=0 G=65 B=160 | Manga<br>C=100 M=85 J=0 N=0 |
| | #622599<br>R=98 G=37 B=153 | Volomparasy<br>C=79 M=94 J=0 N=0 |

Loko telo no tena fampiasantsika : fotsy, volomparasy, manga.

## Lokon'ny sampana

| | | |
|---|---|---|
| | #EFC100<br>R=239 G=193 B=0 | Mavo<br>C=10 M=20 J=100 N=0 |
| | #00911b<br>R=0 G=145 B=27 | Maitso<br>C=80 M=0 J=100 N=0 |
| | #EF0012<br>R=239 G=0 B=18 | Mena<br>C=0 M=100 J=100 N=0 |
| | #6D071A<br>R=109 G=7 B=29 | Menafify<br>C=30 M=100 J=100 N=40 |

# Endri-tsoratra fampiasa

## Endri-tsoratra fampiasa amin'ny antontan-taratasy

ABCDEFGHIJKLMNOPQ
RSTUVWXYZÀÅÉÎÕØÜ
abcdefghijklmnopqrst
uvwxyzàå&123456789
0123456789O($£€.,!?)

✔ **Tsara ampiasaina** : Calibri, na raha tsy misy dia endri-tsoratra karazany "sans serif" (ohatra : Arial, Roboto)

× **Tsy tsara ampiasaina** : Ireo endri-tsoratra "serif" (misy "nifiny") toy ny Times New Roman.


## Endri-tsoratra fampiasa amin'ny "*visuels*" (afisy, boky, sns)

**Lohateny:** INSANIBURGER WITH CHEESE sy/na Circus Of Innocents sy/na James Stroker

**Lahatsoratra anatiny** : Poppins

Raha misy ny fahafahana (ara-pitaovana) dia omena vahana kokoa ny fampiasana ireo endri-tsoratra ireo rehefa manao *visuels* (*afisy*, boky, na kisarisary hafa); raha tsy misy dia endri-tsoratra karazany "*sans serif*" (ohatra : Arial, Roboto). Marihina fa nofidiana manokana ireo noho izy mora hita maimaimpoana amin'ny internet.

## Ohatra fampiasana ireo karazana endri-tsoratra samihafa



## Ohatra vitsivitsy fampiasana ny marika




Ireo marika rehetra (Ravinala, SCOUTS, sns) dia azo raisina ao amin'ny

[https://bit.ly/brandingTILY](https://bit.ly/brandingTILY)

# Iza no mahazo mampiasa ny marika ?

## Ho an'ny fanabeazana

Azon'ny Tily ara-dalàna rehetra ampiasaina ny marika raha ao anaty sehatra fanabeazana.

Raha misy takalo ara-bola kosa dia voasokajy ho fitrandrahana ara-barotra ny fampiasana azy.

## Fitrandrahana ara-barotra

Na hamatsy ny Botika Skoto sy ireo faritany Tily (fournisseur), na manao fifanarahana ara-dalàna (agréé).

Mifandraisa mivantana amin'ny Filoha miandraikitra ny *Fandraharahana sy Vola* ao amin'ny faritany misy an'ise.

**Departemanta Nasionaly**
**Fandraharahana sy Vola**
*Tily eto Madagasikara*
botika@scout.mg
dfavfoibe@gmail.com

# Ny fanamiana

Ny mampiavaka ny fanamiana isan-tsampana dia hita any anatin'ny boky torolalana. Ireto avy kosa no iombonan'ny tily rehetra, sy ny mampiavaka azy amin'ny hafa :

**Ilany havanana** (= ny tanana manao "salut")
Ireo marika nasionaly

**Ravinala** : eo amin'ny paosy tratra havanana, apetaka rehefa nahavita fanekena.

**Tily Madagasikara** : eo amin'ny tanan'akanjo havanana.

**Firaisan'ny skotisma eto Madagasikara** : eo amin'ny tanan'akanjo havanana, ambanin'ny marika Tily.

**Ilany havia** (= misy ny fo)
Ireo marika iraisam-pirenena

**Fleurs de lys** : apetraka eo amin'ny paosy havia.

**Africa Scout** : apetraka eo amin'ny tratra havia ambony paosy miala tondro iray.

Fanamarihana: Azo atao ny manao akanjo hafa mandritra ny lalao na sahan'asa araka izay toromariky ny mpitarika (fa manao fehitenda), fa tsy mahasolo fanamiana ara-dalàna kosa ny akanjo hafa na dia misy sary famantarana skoto aza.

# Ny fehitenda

Isan'ny endrika fampiainana iombonan'ny skoto eran'izao tontolo izao ny fehitenda, ary **marika voalohany ahafantaran'ny olona ny skoto**. Mariky ny fiombonana ny fehitenda, fiombonana eo amin'ny sehatra irotsahana (mitovy lokom-pehitenda) no sady fiombonana amin'ny skoto rehetra eran'izao tontolo izao mihitsy.

Tsy haingokaingo fotsiny ny fehitenda fa sady fitaovana afaka ampiasaina amin'ny toe-javatra maro : rehefa sendra ny voina, afaka hiarovana amin'ny masoandro, ny hatsiaka, ary ny tadio, ...



# Ny nihavian'ny fehitenda skoto



[4]Nandritra ny fandraisain'i Baden Powell anjara tamin'ny ady faharoa tao Matabele, ny taona 1896, dia niara-niasa tamin'i Frederick Russell Burnham izay mpisava lalana Amerikana nampiasain'ny tafika britanika izy. Nalain'i Baden Powell tahaka ny fomba fiakanjon'i Burnham, ka tanatin'izany "ilay lamba kely miloko volon-davenona nifatotra teo an-tendany nataony fiarovana mba tsy ho main'ny masoandro"[5].

Rehefa nanokatra ny lasy skoto voalohany tao amin'ny Nosy Brownsea izy ny 01 aogositra 1907, dia nataony fitoviana ho an'ireo zazalahy mpiara-nilasy tao ny fisalorana fehitenda. Rehefa nanoratra ny boky *Scouting for boys* izy tamin'ny taona 1908, dia nampidiriny ho isan'ny fanamiana skoto ny fehitenda.[6]

[4] Sary : Sarin'i Frederick Russell Burnham manao fehitenda, nataon'i Baden Powell (1896)

[5] Wikipedia. Neckerchief https://en.wikipedia.org/wiki/Neckerchief#Scouting

[6] The Scouts. "Scout Association Factsheet: The Origins of the Woggle" (PDF). 2008. https://bit.ly/WoggleOrigins

# Ny fomba fisalotra ny fehitenda ho an'ny tily


Aorina milamina tsara ny fehitenda ary avona amin'ny alalan'ny vona na vonam-pehitenda, mifanitsy haavo amin'ny vanin-taolana ambony amin'ny tratra (manubrium sternal).



Na dia tsy manao fanamiana ara-dalàna aza ny skoto rehefa manao sahan'asa, dia tsara manao fehitenda hatrany ho fifankahafantarana, sady fijoroana ho vavolombelona eo amin'izay fiaraha-monina irotsahana. Mety hisy ny fehitenda vokarina manokana araka ny filàna ao anaty hetsika iray ho mariky ny fiombonana.


Ho an'ny Tily Eto Madagasikara manokana, dia manana ny refy voafaritra ny fehitenda :

- Ho an'ny Lovitao : mirefy 50sm ny jadonivony raha 80sm kosa ny lejony, araka ny boky torolalana ho an'ny sampana mavo
- Ho an'ny Tily : mirefy 70sm ny jadonivo raha 99sm kosa ny lejony, araka ny boky torolalana ho an'ny sampana maitso (Kijàna).



# Ireo karazana fehitenda fampiasantsika

## Ny fehitendam-pivondronana



Samy manana ny lokom-pehitendany ny fivondronana tsirairay avy, ary matetika dia misy heviny ny loko hita eo amin'ny fehitenda.


Ireo tily efa nanao ny fanekena skoto no misalotra ny fehitendam-pivondronana.

*« Samy manana ny lokom-pehitendany ny antoko[7] tsirairay. Ary satria mifamatotra amin'ny fehitendan'ise ny hasin'ny antokon'ise, dia ilaina ise hitandro azy hadio sy hilamina tsara foana »*

Baden Powell, Scouting for Boys (Campfire Yarn No 2). P.29 (Ed. 1951) [oldscoutbooks.com/yarns00-28.pdf](oldscoutbooks.com/yarns00-28.pdf)


[7] azo adika hoe "ny fivondronana"

## Ny fehitendan'ny Menafify



Ny fehitenda Menafify dia natokana ho an'ireo zatovolahy beazina ao amin'ny sampana menafify. Miloko menafify (*bordeau*) ny tokotaniny ary ahitana telozoro ny lokom-pivondronany eo amin'ny tendrony izay mipetraka eo amin'ny hatoka.

## Ny fehitendan'ny toniam-pivondronana



Ny fehitendan'ny toniam-pivondronana dia ho an'ny toniam-pivondronana efa voatolotra tao am-piangonana. Miloko volomboasary ny tokotaniny ary ahitana telozoro mitondra lokom-pivondronana eo amin'ny tendrony mipetaka eo amin'ny hatoka.

## Ny fehitendan’ny tantsoroka

Ny fehitendan’ny tantsoroka faritany dia natokana ho an’ireo mpanabe manana fahaiza-manao manokana ka nantsoina hanome fanohanana an-tselika na dia mbola mitana andraikitra eny anivon’ny fivondronana na Faritany aza.

Miloko volondavenona manontolo ny fehitendan’ny tantsoroka.




Ho an’ny tantsoroka faritany dia ahitana ny marika Ravinala sy ny anaran’ny faritany hiandreketany eo amin’ny tendrony.



Ho an’ny tantsoroka nasionaly dia misy sisiny miloko fotsy, mena, maitso (lokon’ny sainam-pirenena malagasy), ary ahitana ny marika *fleur de lys* eo amin’ny tendrony.

## Ny fehitendan'ny mpiraidia faritany




Ny fehitenda miloko manga no ahafantarana ireo Filoha Tily voantso ho mpiraidia eny anivon'ny faritany. Miloko manga antitra manontolo izy io ary ahitana ny marika Ravinala.

Mitovy avokoa io fehitenda io ho mariky ny fiombonana fa samy Filoha Tily eto Madagasikara. Misoratra manodidina ny marika Ravinala ny anaran'ny Faritany hiandreketany.


## Ny fehitendan'ny mpiraidia Nasionaly




Ny fehitendan'ny mpiraidia nasionaly dia miloko fotsy ny tokontaniny, misy sisiny miloko fotsy, mena, maitso (lokon'ny sainam-pirenena malagasy) ary ahitana ny marika *Fleur de Lys* eo amin'ny tendrony, mariky ny fiombonana amin'ny fianakaviamben'ny skoto eran-tany.

## Ny fehitendan'ny rafitra mpitantana

Ny fehitendan'ny rafitra mpitantana (Komitim-paritany - KOPA, Komity Lehibe - KL) dia misy sisiny ahitana ny marika *Fleur de Lys* (mariky ny skoto zazalahy) amin'ny tapany ilany tandrify ny soroka ankavanana ary ny marika *Trèfle d'or* (mariky ny skoto zazavavy) amin'ny tapany ilany tandrify ny soroka ankavia.



Ho an'ny Komitim-paritany, ny tokontaniny dia miloko tapany volomparasy ary tapany manga. Misalotra io fehitenda io koa ny **filohan'ny Komitim-pivondronana** amin'ny maha-isan'ny Komitim-paritany azy.



Ho an'ny Komity Lehibe, ny tokotaniny dia miloko fotsy.
Ny ***filohan'ny Komitim-paritany*** dia misalotra ny fehitenda tokotany fotsy noho izy isan'ny Komity Lehibe.

## Ny fehitendan'ny rafitra mpanohana



Ny fehitendan'ny Firaisan'ny Mpanazava sy Tily Tranainy ary Sakaiza (FMT2S) dia miloko maitso manontolo ary ahitana ny marika FMT2S eo amin'ny tendrony.

## Ireo fehitenda manokana iraisam-pirenena

Misy karazana fehitenda maromaro iombonana amin'ny sehatra iraisam-pirenena

### Ny fehitenda Gilwell



Marika iraisan'ny tari-panofanana rehefa amin'ny andraikitra tandrify izany ny fehitenda Gilwell. Tsy mandeha irery ny fehitenda Gilwell fa miaraka isalorana amin'ny vonam-pehitenda hoditra sy ny tapa-porohana[8].

[8]Bureau Mondial du Scoutisme. Cadre du badge de bois. (2020) p.16 https://members.scout.org/fr/woodbadge-framework2020

## Ny fehitenda FSM



Rehefa amin'ny sehatra iraisam-pirenena dia ny anaran'ny Firaisan'ny Skotisma eto Madagasikara no entintsika. Ankoatra ny mpiraidia nasionaly dia misy ny fehitenda manokana anaovana rehefa misolo tena an'i Madagasikara dia ny fehitenda tapany mena (ankavia), sy tapany maitso (ankavanana) ary misy sisiny fotsy.

## Ny fehitenda *Messenger of Peace*




Ireo niatrika lasy « Messenger of peace » ka miatrika asa firotsahana eny amin'ny fiaraha-monina, na mpandray anjara na mitarika, dia misalotra ity fehitenda ity.

Miloko fotsy, misy ny mariky ny fandaharam-panabeazana iraisam-pirenena « Messenger of peace », ary misy sisiny maitso (ho an'ireo Ambassadeurs) na manga (ho an'ireo mpanofana)

## Ny fehitenda *Skoto ho an'ny Tanjon'ny Fandrosoana Lovainjafy* (SCOUTS4SDGs)




Ny fehitenda *Scouts for SDGs* no anaovan'ireo skoto Ambasadaoron'ny Tanjon'ny Fandrosoana Lovainjafy (ODD) rehefa manao asa firotsahana, tetikasa, na sahanasa manokana momba ny ODD. Miloko fotsy, misy sisiny volomparasy ary misy ny marika « Scouts for SDGs » eo amin'ny hatoka.

## Ny fehitenda International Leadership Training



Manana fehitenda manokana ireo niatrika « International Leadership Training » (ILT). Miloko manga tanora ary misy ny mariky ny fiofanana ILT.

Ny sisiny no misy mampiavaka azy tsirairay : volomparasy ho an'ireo mpanofana iraisam-pirenena, fotsy ho an'ny mpitarika nasionaly, ary ho an'ny mpiofana dia mena (Antily), volomboasary (Kiady) ary mavo (Tily).

# Ireo marika andraikitra (Barety)

Ny fampiasana ny “barety” eo an-tsoroka ho marika andraikitra dia isan’ny marika nolovaintsika tamin’ny fampiasan’ny skotisma frantsay tany amin’ny taona 1956 ka mbola notanana hatramin’izao[9]. Mirefy 5 x 1,5 cm ny marika andraikitra ary mipetraka eo amin'ny soroka.

Ny mpanabe efa nahavita ny fanekena maha-mpiandraikitra no miambozona barety.

Filoha Foibe (FFB)



FFB mpanampy



Masoivoho



Filoham-paritany (FP)



FP mpanampy




Filohan’ny faritra




[9] https://fr.scoutwiki.org/Barrette
"Sur les traces", 1956 (Torolalana EEUDF fahiny)

## Marika andraikitra fanabeazana




## Marika andraikitra departemanta


Aim-panahy



Fandraharahana, vola




Fanofanana




Iraisam-pirenena




Olon-dehibe, kalitao




Serasera



Fiarahamiombon'antoka



Vonjy taitra



Fanamarihana :

1. Mety ho samihafa na hiova araka ny vanim-potoana sy ny toerana ny anaran'ny departemanta, fa ny "lohahevitra iasana no mitondra ny loko.
2. Mety hisahana andraikitra roa na maro ny Filoha iray, ka izay andraikitra mibahana indrindra ao anaty fisin'andraikiny no loko entiny.

Ireo marika rehetra (Ravinala, SCOUTS, sns) sy ireo fitaovana mety ho ilaina (endri-tsoratra, lasitra isan-karazany: WORD na Powerpoint) dia azo raisina ao amin'ny https://bit.ly/brandingTILY

tily@scout.mg
www.scout.mg
facebook.com/tilyscout
twitter.com/tilyscout
linkedin.com/company/tilyscout
instagram.com/tily.scout

Nivoahany: Desambra 2022
Mila fanavaozana aorian'ny : 2030

tily@scout.mg
www.scout.mg
facebook.com/tilyscout
twitter.com/tilyscout
linkedin.com/company/tilyscout
instagram.com/tily.scout